


# GOD'S SIMPLE PLAN OF SALVATION FROM JOHN



**Why did Jesus die?**

## **1. Man by nature does evil (wrong).**

John 3:19 Ary izao no fanamelohana, fa tonga amin'izao tontolo izao ny mazava, nefa aleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava, satria ratsy ny asany.



**We are all sinners!**

## **2. By that nature we are condemned.**

John 6:40 “Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany.”

John 3:18 “Izay mino Azy dia tsy helohina; fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka-lahy Tokan'Andriamanitra izy. voatsara.”

John 3:36b “...fa izay tsy mino ny Zanaka dia tsy hahita fiainana, fa ny fahatezeran' Andriamanitra no mitoetra eo aminy.”



**There is a cost for sin!**

### **3. Jesus was in the world and he died for us.**

John 14:6 Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.

John 3:17 Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka\* izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao.

John 1:10,12 “Teo amin'izao tontolo izao Izy, ary Izy no nanaovana izao tontolo izao, nefa izao tontolo izao tsy nahalala Azy. Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery\* ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany,

### **4. Salvation is a free gift, not by good works. You must take God's word for it, and trust Jesus alone!**

Acts 4:12 Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena.

Ephesians 2:8-9 Fa fahasovana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha.

Titus 3:5 dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindram-po kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina,

### **5. You must believe on the Lord and you will have everlasting life!**

John 5:24 Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.”

John 6:47 “Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino no manana fiainana mandrakizay.”

John 10:28 ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako.



*Ny fomba tokana hahazoanao an'io dia amin'ny alalan'ny finoana, fahasoavana ary famindram-pon'Andriamanitra ihany. Raha toa ianao ka te-hanaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy anao sy homen'Andriamanitra famelan-keloka dia ity misy vavaka azonao atao. Ny fanaovana ity vavaka ity na vavaka hafa tsy hahavoavonjy anao. Ny finoana an'i Jesosy Kristy ihany no ahazoana famelan-keloka. Ity vavaka ity dia fomba iray fotsiny entinao manambara amin'Andriamanitra ny finoanao Azy sy entinao misaotra Azy noho ny famelan-keloka omeny anao.*

**"Andriamanitra ô,**

**fantatro fa nanota taminao aho ary mendrika ny ho saziana. Nefa i Jesosy Kristy nanefa ny sazy mendrika ahy mba ho voavela ny heloko amin'ny alalan'ny finoako Azy. Apetrako aminao ny fitokiako ho famonjena ahy. Misaotra Anao noho ny fitahianao sy ny famindram-ponao mahagaga! Amena!"**